

21 jiona 2010.
9 Tamouz 5770.

Ny fitiavan'Andriamanitra ny mpanota.

«Ary amin'izany dia lazaiko aminao: Voavela ny helony be, fa be fitiavana izy; fa izay voavela tamin'ny kely dia kely fitiavana, » (Lioka 7:47).

«mbamin'ny vehivavy sasany, izay nositraniny tamin'ny fanahy ratsy sy ny aretina, dia Maria atao hoe Magdalena, izay efa nivoahan'ny demonia fito.» (lioka 8:2)

«[Ary rehefa nitsangana tamin'ny marain'ny andro voalohany amin'ny herinandro Jesosy, dia niseho voalohany tamin'i Maria Magdalena, ilay namoahany demonia fito, Izy]» (Marka 16:9)

«Noheverin'ny olona fa mpanota be i Maria fa Jésoy kosa dia nahafantatra ny toejavatra nitranga teo amin'ny fiainany. Azony natao ny namela ho faty ny fanantenana nitsilopilopy tao anatin'ny anefa tsy nanao izany Izy fa novonjany tamin'ny famoizam-po sy fahaketrahan izy . Impiro heny no nandroahiny ireo devoly nangeja ny fo amam-panahiny. Henon'i Maria ny vavaka ampitalahoana mafy nataon'i Jesosy ho azy ary fantany ny faharikorikoan'ny fahotàna eo anatrehan'ny fahadiovany mangatrakatraka ka noho ny herin'Andriamanitra dia azony ny fandresena.

Raha efa tsy nisy fanàfana intsony ny momba azy teo anatrehan'ny olona dia tsinjon'i Jésoy fa nisy fahafahana miarina teo amin'i Maria. Ny drafitry ny famonjena izay nisokatra teo amin'ny taranak'olombelona dia ho tanteraka ao amin'i Maria. Ny fahasoavany dia nahafahan'ilay mpanota handray anjara amin'ny mahaAndriamanitra. Rehefa lavo izy , rehefa avy nitoeran'ny fanahy ratsy dia lasa niombonanatao amin'ny fahandraharàn'i Kristy.I Maria no nipetraka teo antongony mba handray ny fampianarany. Izy no nandrotsaka teo andohany ny menaka sarobidy sy nandena ny tongony tamin'ny ranomasony. Izy no nihazakazaka voalohany ho eny amin'ny fasana taorian'ny fitsanganana tamin'ny maty. Ary Maria ihany no nanambara voalohany fa nitsangana ny Tompo.

« Fantatr'i Jésoy ny zavatra nandalo teo amin'ny fiainanao. Mety hoy ianao hoe : mpanota aho, tena mpanota lehibe. Mety marina izany. Kanefa raha manahirana indrindra nny toerana misy anao dia vao maika izany indrindra no ilànao an'i Jesosy. Tsy misy n'iza ni'za izay manantona azy andranomaso sy ory fo ho voatosika hiverina. Tsy hotantarainy amin'ny olona hafa ny zavatra henony aminao. Manome hery ireo fanahy mangovitra Izy. Mamela heloka ampitiavana be ireo izay tonga eo Aminy hitady famelan-keloka sy fiarenana Izy.»
JésusChrist, p. 562

«Ary raha misy manota, dia manana Solovava ao amin'ny Ray isika, dia Jesosy Kristy,Ilay Marina (1 Jaona2:1); Raha miaiky ny fahotantsika isika, dia mahatoky sy marina Izy ka mamela ny fahotantsika sy manadio antsika ho afaka amin'ny tsi-fahamarinana rehetra...» (1 Jaona 1 : 9)



**Vous sondez les Ecritures,
parce que vous pensez avoir en elles
la vie éternelle: ce sont elles qui rendent
témoignage de moi. Jean 5:39**